



VONDRONA EUROPEANA
IRAKA MPANARA-MASO NY FIFIDIANANA
MADAGASIKARA 2013



FAMPITAM-BAOVAO

Niainga anio ireo mpanara-maso ny fifidianana miisa 44 avy amin'ny Vondrona Eoropeana

Antananarivo, faha-7 oktobra 2013 – Niainga aninkeheo maraina nihazo ireo toerana hiasany ireo Iraka mpanara-maso ny fifidianana miisa 44 avy amin'ny Vondrona Eoropeana hiasa maharitra eto Madagasikara. Tonga ny 2, ny 3 ary ny 4 oktobra teto andrenivohitra izy ireo ary nanaraka fiofanana nandritra ny roa andro ny faran'ny herinandro teo niaraka tamin'ireo manam-pahaizana mikasika ny fifidianana, politika, lalàna, haino aman-jery ary ireo mpandrindra ireo iraka mpanara-maso. Isan'ny nandray anjara tamin'ny fanofanana ihany koa Ramatoa Béatrice Atallah, Filohan'ny Vaomiera Mahaleo tena mikasika ny Fifidianan'ny Teteza-mita ary nandritra izany no nilazany mikasika ny fanomanana ny fifidianana.

Nihazo ireo faritra miisa 22 eto Madagasika ireo mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana ireo, ary hijery manokana mikasika ny fifidianana izy ireo. Ny fifidianana izay hatao ny 25 oktobra izao. Hanaraka ihany koa ny fampielezan-kevitra, ny fampitaovana, ny fanofanana ireo olona mikarakara fifidianana, ny asa fanentanana ny vahoaka ary ny fihetsik'ireo antoko politika. Ho tonga hanatevin-daharana azy ireo ny mpanara-maso miisa 50 andro vitsy mialoha ny fifidianana.

Manam-pahaizana miisa 9 mandrafitra ny Iraka no efa tonga teto Antananarivo ny 25 septambra. Ny fomba fiasan'ny Iraka avy amin'ny Vondrona Eoropeana dia hanara-maso ny fizotry ny fandehan'ny fifidianana tafiditra anatin'izany ny fitoriana. Andro vitsy aorian'ny fifidianana dia hamoaka ampahibemaso Ramatoa Maria Muniz de Urquiza, lehiben'ny Iraka mpanara-maso ny fehin-kevitra nataon'izy ireo mikasika ny fifidianana.

Iray na roa volana aorian'izay dia hozaraina amin'ireo manam-pahefana eto Madagasikara sy ho ren'ny vahoaka maro anisa ny tatitra farany ahitana ny tombatombana mikasika ny fandrindrana ny fifidianana notanterahina teto Madagasikara, ahitana ihany koa ireo soso-kevitra. Mifanaraka indrindra amin'ny asa ampanaovina azy, ny Iraka avy amin'ny Vondrona Eoropeana eto Madagasikara dia hanao tombana ara-drarin'ny sy tsy miandany ny fifidianana araka ny fenitra iraisam-pirenena sy rejionaly ary mifanaraka amin'ny lalana misy ao amin'ny firenena.

Mandritra ny andro fifidianana dia miisa 100 mahery ireo mpanara-maso avy amin'ny Vondrona Eoropeana avy amina firenena miisa 26 sy avy any Norvège, isan'ny mpiara-miombon'antoka amin'ny Vondrona Eoropeana amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana.

Hisy ihany koa ny delegasiona avy amin'ny Parlemana eoropeana ahitana mpanara-maso miisa 3 andrasana sy ireo masoivoho eoropeana miasa eto Antananarivo ihany koa hanampy amin'ny fanaraha-maso ihany koa.